ALAHADY FAHA 34 MANDAVANTAONA - A

« Avia hianareo, ry nohasoavin'ny Raiko, handova ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nahariana izao tontolo izao » (Mt. 25, 34)

Ry Kristianina havana, izao Alahady izao no ankalazana manetriketrika an'i Kristy mpanjakan'izao tontolo izao sady hamaranana ny taona litorjika taona A.

Mamarana ny taona isika Kristianina katolika ka miditra amin'ny taona litorjika vaovao manomboka amin'ny herinandro ho avy. Koa faly miarahaba antsika jiaby satria nahavita an'iny taona litorjika, taona A iny isika ary isaorantsika an'Andriamanitra noho izany satria tena navesatra ity taona ity. TAONAN'NY KORONATANAVIRUS. Nahavita azy isika. Sambatra isika fa nomen'Andriamanitra tombon'andro ka miara-misaotra azy ary manohy mivavaka mba ho vita tanteraka ity KORONTANAVIRUS ity ka HANAO DEPART VAOVAO FIAINGANA VAOVAO mba HO EOV MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA. Izany no azo amintinina ny HAFATRA FAHA-8.

Raha tadidintsika dia tsy izao mihitsy no noheverintsika hiafarana. Raha tamin'ny 19 Mars no nikatona ny Eglizy ka tsy afaka nanao ny pelerinajin'ny Montagne des Français dia nilaza fa ny lalan'ny hazofijaliana no tsy vita fa manantena isika fa afaka hanao ny lalan'ny Hafaliana. Tsy afenina fa hanehoantsika ny finoantsika dia niara-nivavaka nanatanteraka ny lalan'ny hafaliana isika saingy nihiboka tao amin'ny Katedraly ary nalefa nivantana tamin'ny haino aman-jery isan-karazana. Mety kivy isika mandinika izany. Matetika koa isika milaza hoe olon'ny finoana ka tsy ity KORONTANAVIRUS ity no tompon'ny teny farany fa I Kristy tenin'Andriamanitra Alpha sy Omega no teny farany.

Vakiteny I : Ezek. 34, 11-12. 15-17
Tononkira : Salamo 22
Vakiteny II : Ezek. 34, 11-12. 15-17
Evanjely : Mt. 25, 31-46

Ry Kristiana Havana, anio isika izany manomboka miditra amin'ny dingana voalohany : "FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIVAVAKA MANDALINA FINOANA" hahatonga antsika ho "olon'ny finoana, olon'ny fitiavana, olon'ny fanentanana". Alohan'ny handinihantsika ny

tenin'Andriamanitra amin'izao fankalazana an'I Kristy Mpanjaka dia tsara ihany ny manipika ny tena anjara toeran'ny Taona litorjika. Matoa napetraky ny Eglizy ny taona litorjika dia hanampy antsika hivelona tahaka an'I Kristy araky ny vanim-potoana-niainan'I Kristy. : Avent fiaviana dia hanampy antsika hiomana handray an'I Kristy, Noely Kristy Tonga nofo dia mivelona an'izay isika sns… Tsy hoe misarasaraka toa izany ireo vanim-potoana ireo fa mifameno sy mifaningotra ka tsy misaraka fa sady mivelona ny Noely isika no mivelona ny Paka ary mivelona ny fiafaran'izao tontolo izao. Tahaka izao fankalazana ataontsika izao izay lazaintsika matetika fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia sady mahatsiaro isika (vanimpotoana) no mivelona (fotoana iainantsika). Raha tanteraka tokoa izany rehetra izany dia mampitraotra ny finoana sy fiainana tokoa isika.

Raha miverina amin'izao famaranana ny taona litorjika izao isika dia ny vavaka sy ny faniriana dia enga anie hisy vokany amin'ny fiainantsika ny ezaka nataontsika tamin'iny taona iny izay niarahantsika lalana amin'i Kristy ka nahatonga antsika Kristy mpiara-belona, ho EOV Misionera satria Izy no mpanjakan'izao tontolo izao ary isika no maha-mpanjaka Azy amin'ny maha-Kristianina vita batemy antsika ka irahina. Izany no mahatonga antsika milaza matetika hoe : "aoka tsy ho menatra ny finoantsika isika" (soyons fiers d'être catholiques). Mifampiarahaba isika satria niaraka namakivaky iny taona iny isika ka tonga amin'izao andro anio izao. Na dia eo aza ny fahalementsika sy ny tsy mahalavorary antsika dia samy niezaka isika niaina izany batemintsika izany ka nahatonga antsika nanaiky niara-dàlana amin'i Kristy vokatry ny fandalinam-pinoana izay tohizantsika sy hamafisintsika amin'izao NOVEAU DEPART ataontsika ny ezaka handavorary an'ity tranobe iombonana ity ka hahatonga antsika, araka ny averimberintsika matetika, ho taranaka mpanorina ny fanjakan'Andriamanitra fa tsy hoe sanatria mpandrava, mampijoro an'izany fanjakan'Andriamanitra izany amin'ny fiainantsika andavanandro. Izany no maha-Kristy mpiara-belona antsika amin'olona, amin'ny maha-EOV MISIONERA antsika. Miaina ny toe-panahy maha-Kristianina isika, mivelona araky ny sokajim-piainantsika : ny pretra, ny relijiozy ary isika lahika apôstôlin'I Jesoa eo amin'ny fiainana tahaka an'i Victoire Rasoamanarivo, tahaka an'i Lucien Botovasoa sy ireo Olomasina nankalazantsika tamin'ny 1er Nov

Ny fampanjakana an'i Kristy eo amin'ny fiainantsika no ambaran'ireo vakiteny aroson'ny Eglizy amintsika androany Alahady izay ankalazana amin'ny fomba manetriketrika an'i Kristy mpanjaka izao.

Mpanjaka i Kristy kanefa tsy araky ny fihevitr'izao tontolo izao satria ny mpanjakan'izao tontolo izao dia mieboebo, mamoritra, mampihatra ny heriny ; i Kristy kosa dia mpanjaka manompo fa tsy manapotika, izany hoe mitady izay hahasoa ny vahoakany dia isika izay manaiky handray ny fampianarany sy ny toro-heviny ka ny faran-tampony dia Izy nanolotra ny ainy ho antsika teo ambonin'ny hazo fijaliana.

Manam-pahefana Izy, manompo ary manolotra ny ainy ka vokatr'izany dia voavonjy isika, afaka amin'izay rehetra mamatopatotra antsika. I Jesoa manjaka, manafaka antsika amin'ny

fatotra rehetra satria vahoaka tiany isika, izany no ankalazaintsika amin'izao famaranana ny taona litorjika izao.

Ny Vakiteny voalohany manambara antsika : "*Indro Izaho dia Izaho ihany no hiahy ny ondriko sy handinika azy. Toy ny fandinidiniky ny mpiandry ny ondriny, amin'ny andro hitsanganany eo amin'ireo ondriny mihahahaka, no handinidinihako ny ondriko; ary hoesoriko izy ireo, hiala any amin'ny tany rehetra efa nielezany tamin'ny andro mandrahona sy manjombona."*

I Kristy mpanjaka mijery izay mahasoa antsika, tsy mitsara izy fa mitady izay hahatsara antsika fa isika ihany no manameloka antsika satria tsy mivelona araky ny sitrany isika. Ny maha-Kristianina antsika dia isika mivelona araky ny sitrak'Andriamanitra ka aoka isika hanatanteraka izay sitrany ho antsika.

I Kristy mpanjaka sy mpiandry ondry tsara dia mitady ireo very, ireo nania, mitsabo izay maratra sy marary, ireo izay tsy mieritreritra sy tsy miraharaha ny sitrak'Andriamanitra kosa dia haringany araky ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany: "*Izaho no hiandry ny ondriko, Izaho no hampandry azy; teny marin'ny Tompo Andriamanitra. Ny very hotadiaviko; ny nania, haveriko; ny naratra, hotsaboiko; ary ny marary, hohatanjahiko; fa ny matavy sy ny matanjaka kosa haringako; handrasako ara-drariny izy ireo".*

Andriamanitra mikarakara sy mikolokolo, mpanjakan'ny mpanjaka I Jesoa, mahafoy tena ary izany no atao hoe Kristy mpiara-belona amintsika. Marina fa ny taona litorjika no mifarana fa mitohy kosa ny maha-Kristy mpiara-belona antsika, ny maha-EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA hamafisan'ny hafatra pastoraly faha-8 izay torolana hivelomantsika ny maha EOV MISIONERA satria olon'ny finoana, olon'ny fitiavana, olon'ny fanantenana ary eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely no anombohantsika azy. Hangatahintsika ny fahasoavan'Andriamanitra izany mba ho tena ho "DEPART VAOVAO" tokoa ho antsika ho PANTEKOTY VAOVAO " ho antsika tokoa ity TAOM-PIKATRHOHANA VAOVAO ITY, ho Taona "itoerantsika bebe kokoa amin'ny maha-kristianina antsika satria izay mitoetra amin'I Kristy sy itoerany no mamokatra be ka ho feno hafaliana."

Ny vakiteny faharoa dia mampintsinjo antsika amin'ny fiainan-ko avy. Milaza i Md Paoly ao amin'ny taratasy ho an'ny Korintianina hoe :"*efa nitsangan-ko velona tokoa i Kristy ary Izy no santatr'izay efa nodimandry; satria olona iray no niavian'ny fahafatesana, ka dia Olona iray koa no iavian'ny fitsanganan-ko velona; ary toy ny ahafatesan'ny olon-drehetra ao amin'i Adama no hahaveloman'ny olon-drehetra ao amin'i Kristy, fa manaraka ny laharany avy: i Kristy no santatra, dia izay an'i Kristy amin'ny andro hiaviany*."

Raha miombona amin'i Kristy isika, ary izay no maha-Kristy mpiara-belona antsika dia isika miombona tanteraka Aminy na dia eo aza ny zavatra mety manahirana, ny fahoriana mety mitranga dia fantantsika fa amin'ny farandro izay asain'ny Eglizy banjinintsika dieny izao dia i Kristy no tsy maintsy manjaka. Marina misy fanavahana amin'izany fotoana izany fa

arakaraky ny safidy ataontsika dieny izao amin'ny fiainantsika no efa manavaka azy. Izany hoe aiza ny safidintsika : miaraka amin'i Kristy ve sa tsy miaraka amin'i Kristy ? mitoetra ao amin'I Kristy ve sa amin'izao tontolo izao ? Io no fanalahidy amin'ny fiainan-ko avy. Zava-dehibe ny SAFIDY ataontsika. Tsy tanteraka tokoa ny "DEPART VAOVAO" raha tsy misy safidy matotra mitondra amin'ny CHANGEMENT RADICAL fiovam-penitra mahery vaika antoky ny "depart vaovao". Izao fanombohan'ny taom-pikatrohana izao ary indrindra après KORONTANAVIRUS dia mitaky safidy amintsika : IZA NO MAIKA AMIN'NY FIAINANTSIKA ? I KRISTY VE? SA IZAO TONTOLO IZAO?

Raha miaraka amin'i Kristy isika dia hiombona Aminy tahaka ireo izay voalaza amin'ny Evanjely ho eo an-kavanany fa ny faharoa kosa dia ireo izay ho eo an-kaviany, ireo izay tsy miaraka amin'i Kristy izany hoe tsy niombona taminy tamin'izao fiainana izao.

Miaraka amin'i Kristy isika araky ny voalaza amin'ny Evanjely anio raha mivelona tahaka Azy IZANY HOE OLON'NY FINOANA, OLON'NY FITIAVANA, OLON'NY FANANTENANA. Fiainana Kristianina no fiainantsika ka tsy misy fanavakavahana, na efitrefitra fa mitady izay hahasoa sy mivelona ny marina ary mampanjaka ny fitiavana marina. Ny fitiavana dia manasoa sy mandray ny maha-izy azy an'izay tiana, tsy misy avakavaka fa indrindra ireo ailikilika. Io no fampianarana averin'ny Papa Ray masina matetika, aoka isika hahatsiaro ireo izay amin'ny sisiny (lavitra andriana), voahilikiliky ny fiaraha-monina. Natintranterina io ao amin'ny Ansiklika vaovao "Fratelli tutti". Raha samy mikatsaka ny soa iombonana isika, raha samy mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny tokoa isika dia izany no atao hoe Kristianina, mampanjaka an'i Kristy eo amin'ny fiainana. Amin'izay dia ho tanteraka amintsika ny tenin'i Kristy hoe : *"Avia ianareo, ry nohasoavin'ny Raiko, handova ny Fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nahariana izao tontolo izao. Fa noana Aho, nomenareo hanina; nangetaheta Aho, nomenareo hosotroina; nivahiny Aho, nampiantranoinareo; tsy nitafy Aho, notafianareo, narary Aho, novangianareo; tany an-tranomaizina Aho, notsidihinareo."*

Ny olona rehetra dia maneho ny endrik'i Jesoa raha vonona isika hikarakara sy hikolokolo azy ireo, ary anatin'izany ihany koa ny tranobe iombonantsika izay mila kolokoloina koa. Tsy nanavaka i Kristy fa nanasoa ny olona rehetra ka anjaran'ny tsirairay ny mandray Azy.

"Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: 'Tompo, oviana no hitanay noana Ianao ka nomenay hanina, nangetaheta ka nomenay hosotroina? Oviana no hitanay nivahiny Ianao ka nampiantranoinay, na tsy nitafy ka notafianay? Oviana no hitanay narary Ianao na tany an-tranomaizina ka novangianay?

Koa isika mankalaza an'i Kristy mpanjaka izao ka miaina ny maha-Kristy mpiara-belona amin'olona, mivelona ny maha EOV Misionera Tabernakla velona dia hiteny amintsika i Kristy manao hoe *: "Lazaiko marina aminareo fa isaky ny nanao izany tamin'ny anankiray amin'ireto havako kely indrindra ireto ianareo, dia nanao izany tamiko".*

Ry Kristianina havana, matetika isika no milaza fa ny fankalazana ho antsika dia tsy hoe fahatsiarovana fotsiny, fa indrindra amin'izao famaranana ny taona litorjika izao, tsy hoe mifampiarahaba fotsiny isika satria nahavita ny taona litorjika A ka hiditra ny taona B manomboka ny herinandro vaovao izay hanombohantsika ny Fiavian'ny Tompo, tsy hoe mahatsiaro fotsiny isika fa noho ny fahasoavan'Andriamanaitra dia tafiditra tanteraka amin'ny maha-Kristianina antsika izay ankalazaintsika ka zary fiainana. Izany indrindra ny mahatonga antsika hiroso amin'izao taom-pikatrohana handinika lalindalina kokoa ny "FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA SY MIARA-MANDALINA FINOANA". Manomboka amin'ny alahady voalohan'ny Avent ka hatramin'ny Noely.

Aoka ho tanterahintsika ny hafatr'i Kristy ao amin'ny Evanjely androany, izay naveriny indroa tamin'ireo nanatanteraka ny sitrapony, fa hoy kosa izy tamin'ireo tsy nanatanteraka hoe :" "*Mialà amiko ianareo, ry voaozona, mba ho any amin'ny afo mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny. Fa noana Aho, tsy nomenareo hanina; nangetaheta Aho, tsy nomenareo hosotroina; nivahiny Aho, tsy nampiantranoinareo; tsy nitafy Aho, tsy notafianareo; narary Aho, sy tany an-tranomaizina tsy novangianareo"……"Lazaiko marina aminareo fa isaky ny tsy nanao izany tamin'ny anankiray amin'ireto kely indrindra ireto ianareo, dia tsy nanao izany tamiko koa."*

Ry Kristianina havana, aoka isika hivelona ny hafatr'i Kristy ka ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika eo min'ny fiainantsika fa indrindra amin'izao taona litorjika vaovao izao. Hohalalinintsika amin'izao taona fikatrohana izao ny HAFATTRA FAHA-8 Izany hoe hitoetra amin'I Kristy isika ka hahatonga antsika handray an-tanana bebe kokoa ny Eglizintsika, ny fiainantsika ka hahaizantsika hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Izany no lalana entintsika hampamokatra ny fiainantsika ka ho EOV, ho Eglizy Olo Velogna tokoa isika, ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VAOVAO MANORINA ETA.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, tena mpanjaka Ianao ka ampio izahay hahay hampanjaka Anao eo amin'ny fiainanay andavanandro ka hiezaka hifanasoa fa indrindra ireo voahilikilika. Hiezaka izahay hanasoa ity tranobe iombonanay ity. Mamindra fo aminay satria matetika izahay manadino ny "mission" apetrakao aminay, enga anie hahita mandrakariva ny endrikao amin'ireo manodidina anay izahay. Koa raha mahay mampanjaka ny marina izahay, raha miezaka tokoa amin'ny fanasoavana ny hafa sy fanaovana ny marina amin'izay ataonay rehetra dia manitatra ny fanjakanao. Masina Maria Reny ô Ianao no misionera voalohany Mivavahà ho anay mba ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VAOVAO izahay. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson